

# Jeso' Velona Ao Amin' i Maria

Association Marie Reine des Coeurs

No. 28, Aogositra 2020



Fahatongavan'ny  
**frera Saint-Gabriel**  
roa ao Calvaire  
Pont-Château



« *My firenena rehetra anie, hidera an' Andriamanitra* »

Par Pierrette MAIGNÉ

16 Aogositra 2020  
Alahady faha roapolo mandavan-taona  
Taona A


**SALAMO** (Sal 66 (67), 2-3, 5, 7-8)

*R/ Hidera Anao anie ny firenena, Ry Andriamanitra ;  
Hidera Anao anie ny firenena rehetra !*

Hanambina sy hiahy antsika anie Andriamanitra !  
Hampampirapitra ny Tavany amintsika anie Izy ;  
Mba ho fantatra ety ambonin'ny tany ny lalanao  
Ary amin'ny firenena rehetra, ny famonjena !

Aoka hirobiroby ny firenena sy hisomebin-kafaliana,  
Fa mitsara ny vahoaka amim-pahitsiana Ianao  
Sy mitondra ny firenena ambonin'ny tany.

Efa nahavokatra ny tany ;  
Hotahin' Andriamanitra, dia Andriamanitra, anie isika !  
Hotahin' Andriamanitra anie isika !  
Ary hanaja Azy ny vazantany rehetra !



Ity salamo ity dia antso ho an'ny  
fitahian' Andriamanitra, fitahiana izay teny fikasana  
ho an'ny fiainana, fahavokarana sy fiterahana izany  
hoe hasambarana.

Andriamanitra anie handrotsaka ny fahasovany sy  
hitahy antsika dia nalaina tao amin'ilay tsodrano ho  
an'ny vita Batemy rehetra : Andriamanitra anie hitahy  
... ao amin'ny bokin'ny Fanisana 6, 24-26 vakiteny  
vakiana rehefa voalohan'ny volana Janoary,  
mametraka ny taona iray manontolo eo ambany  
fitahian' Andriamanitra.

Andriamanitra tsy mahay afa tsy ny mitahy,  
mampiditra antsika ao amin'izay fitahiana.  
Tahian' Andriamanitra midika fa eo ambany  
fiarovany, miditra fiombonana Aminy, ny  
hazavany, ny fitiavany, dia izay no ilaina ny  
fahazavana.

Nahoana moa izany fangatahana izany ? Tsy ho  
an'ny antsika irery ihany, sy ny  
fahasalamantsika fa mba hekena fa  
Andriamanitra dia Andriamanitra, ary ny  
famony mahenika ny firenen-drehetra.

Tsapan' ny Israely izay tombony manokana nananany dia ny hoe vahoakan'ny Fanekem-pihavanana fa ity fifidianana ity mifandray amin'ny iraka, dia ny ho vavolombelon'ny Fitiavan'Andriamanitra, ary ity Fitiavana ity izay tokony mahenika an'izao tontolo izao. Tena adidy mavesatra. Ny hafalian'Israely tsy mijanona ho azy ihany fa misokatra sy fijoroana ho vavolombelona.

Jesoa naniraka ny mpianany sy isika mba hitory ny Vaovao Mahafaly hatrany amin'ny faravazan-tany : « Mandehana ianareo amin'izao tontolo izao... ». Afaka hitantsika amin'izany ny akon'ny vavaka Rainay : « ho tonga anie ny fanjakanao ». Isika koa tokony vavolombelona, manambara fa Andriamanitra mitady ny hasambarantsika.

Ny famonjena tsy hoe mijanona ho zava-misy ara-panahy fotsiny, fa fanafahana amin'ny loza rehetra, fandrahonana rehetra. Avy amin'Andriamanitra ny zava-drehetra, aza adinontsika izany, matetika isika mitoky amin'ny herintsika, ny fahaizantsika, ny fahalalantsika. Sahià mangataka amin'Andriamanitra izay ilaintsika, miaina izany fahatokisana izany tsy hoe tsy firaikàna akory fa fandozana tanteraka eo ampelan-tanan'ilay Raintsika.

Manjaka aman-pahamarinana Ianao : izay fahamarinana manosika hitsinjo ny mahantra, hanampy ireo rehetra mila izany. Izay no iraka angatahan'ny Tompo : fiaraha miasa amintsika.

Fifaliana lehibe no avoakan'ity salamo miaraka amin'ny sasin-kira ary isika rehetra no antsoina hiditra amin'izay fifaliana izay.

Amin'izao fotoan'ny lohataona izao, avelao ny fontsika hifaly satria eo an-tànan'Andriamanitra isika, ary sokafy koa ny tanantsika handray ny fitahiana avy any Aminy. ■



***Fahatongavan'ny frera Saint-Gabriel  
ron ao Calvaire Pont-Château***

Frera Jean Friant, FSG

*Ity manaraka ity, fifampizarana nataon i **Frera Jean Friant FSG**, izay lehiben'ny fikambanana Frera Saint-Gabriel (1988- 2000) mpikambana ao amin'ny ekipa misioneran'i Pont-Château ankehitriny. Fony izy lehiben'ny Fikambanana, efa nisintona ny sain'ireo frera mikasika an'i Mopera de Montfort sy Mopera Gabriel Deshayes fototry ny fikambanana, ny fiaraha miasa ny fianakaviambe Montfortanina, fiaraha-miasa miaraka amin'ireo lahika. Amin'izao fotoana izao izy mihintsy no maneho izay vina izay ao Pont-Château.*



## 1) Nahoana no nahatongavan'ireo frera Saint Gabriel ao Pont-Château ?

Frera Michel Le Gall sy ny tenako, samy frera Saint Gabriel, tonga teto Pont-Château ny 2 Septambra 2019. Ary ireo fianakaviambe montfortanina izay efa eto amin'ity toerana avo montfortanina ity.


Tamin'ny taona 1865 no tonga teto ny misionera montfortanina. Tamin'ny taona 1878, no tonga nanaraka azy ireo ny zanakavavin'ny Fahendrena. Ny tonga voalohany indrindra, dia ireo lahika izay, nanomboka tamin'ny fotoanan'ny Montfort sy nodimbiasan'ireo taranaka, no nanorina sy nikarakara ity toerana fanaovana fihàtahana masina ity. Amin'izao fotoana izao, misy lahika miasa an-tsitrapo eo amin'ny zato ao amin'ny « Fikambanana Les Amis du Calvaire de Pont-Château » izay mikarakara ny toerana 14 ha sy ireo tsangambato maro izay niorina tsy kelikely taty aorina. Ireo lahika ireo no misahana ny fandraisana ny mpivahiny, ny mpizahan-tany, ny fandravahana ireo voninkazo, ny fanaovana ny hira mandritra ny fankalazana ...

Nisy aza, nanomboka tamin'ny taona lasa teo, ireo mpanao asa tanana Italianina tonga hanatsara ireo tsangambato sy hanao fanamboarana lehibe. Sady ilay mpanao asa tanana italianina, Riccardo Scotti, nanao sary 25 takelaka manasongadina ireo fotoana lehibe ao amin'ny baiboly ary nanaingo ny efitrano lehibe fanatanterahana ny Eokaristia mandritra ny lohataona.

Amin'ireo zava-misy rehetra, dia niampy ny fametrahana ny tanana Md Josefa ny volana Aprily 2019. Mpivady iray mandray olona aman-polony izay mahatsiaro ho irery, na manana kilema, na mahantra ara-batana, ara-tsaina sy ara-panahy mitady fanarenana ny fiainany. Ireo rehetra ireo dia raisina anaty toerana toa tokantrano mihintsy ao, ireo olona no mandray an-tanana ny fiainany amin'ny fomba fiaina mifototra amin'ny asa, vavaka ary firahalaina tanteraka. Toy izany, ireo mahantra, ireo voailika, ireo maratra ny fiainana, ireo tian'i Mopera Montfort manokana, no hita ao amin'ity toerana ity.

Niara tonga tamin'ny pretra tompon-toerana vaovao, Mopera Didier Dronneau, pretra dioseziana miankina amin'ny Institut séculier Notre-Dame de Vie, izay naniry hiaina anaty ankohonan-piainana toy izay hiaina irery anaty presbitera. Tsy nanenenany izay safidiny izay satria nahafahany niaina ny fihobohana nohon'ny valan'aretina « Coronavirus » tao anaty tontolo feno firahalaina.

Izany fiovana rehetra izany dia avy amin'ny finiavan'i Mopera Santino, tompon'andraikitry ny toerana. Lehiben'ny fikambanana misionera Montfortanina nialohan'ny naha misionera nandritra ny 25 taona tao Perou. Naniry izy, tamin'ny fiafaran'ny fitantanany, hiverina ao Calvaire Pont-Château hanome aina vaovao indray ity toerana montfortanina ho an'ny fitoriana ny Evanjely. Mopera Santino no nangataka tamin'ny Frera lehiben'ny Fikambanana Saint- Gabriel ao Frantsa, ny faniriany hatongavan'ireo Frera Saint Gabriel eo an-toerana mba ho hita eo an-toerana avokoa ireo Fianakaviambe montfortanina. Efa nahazo fankatoavana ny Oktôbra 2018 araka ny Chapitre provensialy. Samy mahazo tombony sy mandray andraikitra amin'ity tetik'asa fanomezan-danja ny Kalivery isika rehetra.



“” Frera Michel Le Gall sy ny tenako, samy frera Saint Gabriel, tonga teto Pont-Château ny 2 Septambra 2019.

Valo izahay no miara miaina anaty ankohonan-piainana : Misionera montfortanina 5 izay frera ny iray : Frantsay 2 (Jean sy Marcel), Italianina 1 (Santino), Indonesianina 1 (Willi) sy Malagasy 1 (Hervé), Pretra tompon-paritra (Didier) ary izahay frera Saint Gabriel (Michel sy Jean),

Eo an-toerana ahitana Fikambanana Zakavavin'ny Fahendrena 5 vavy. Arak' izany, amin'ny maha Fianakaviana montfortanina anay dia miara miombona amin'ny vavaka maraina sy hariva ary ny fanaovana sapile izahay. Ho an'ny Eokaristia Masina kosa, betsaka ireo lahika no miombona miaraka aminay.




## 2). Nahoana no Pont-Château ?

Hitanay fa toerana avo montfortanina, toerana falehan'i Mopera Montfort matetika nanarahany ny fanorenana ny Kalivery teo anelanelan'ny volana May 1709 hatramin'ny 1710. Nandritra io fotoana io no nitoriany teny sy namitany iraka tamin'ity faritra ity. Tamin'ny fiakaran'ny fanorenana ny Pont-Château no nanolorany soso-kevitra ity fananganana goavana ity. Bestaka ny Kristianina no namaly ny antsony ary feno hafanan-po tokoa.

Iarahantsika mahalala fa ny alina mialoha ny fanokanana voatondro ny 14 Septambra 1710, tonga avy any Evese Nantes ny taratasy fandrarana avy amin'ny Mpanjakan'i Frantsa Louis XIV. Saingy hafa no nanohy ny asa. Izay no nitranga ny taona 1821, Abbé François Gouray, pretra tompon-paritra tamin'izany fotoana izany tao Pont-Château, nanohy ny fananganana ny Kalivery teo amin'ny toerana izay nananganan'i Mopera Montfort ity tetikasany ity.

“ Arak' izany, amin'ny maha Fianakaviana montfortanina anay dia miara miombona amin'ny vavaka maraina sy hariva ary ny fanaovana sapile izahay.



Tao aorinan'izany moa, nanori-ponenana tao Pont-Château ireo misionera montfortanina. Ary nanohy ny asa efa natomboky ny mpanorina ny fikambanana 150 taona teo aloha. Noho ny herin'izy ireo sy ireo mpiasa maro be tao Pont-Château ary ny paroasy manodidina. Ny mponina teo an-toerana 50 Km manodidina, tonga namaly ny antso feno hafanan-po. Tsara marihana fa nitotaly hatrany amin'ny 3 000 andro niasana no nomen'izy ireo teo anelanelan'ny taona 1894 sy 1938. Nahavita asa tena goavana izy ireo nantsoina tamin'ny anarana hoe « Terre Sainte en Bretagne » azo adika hoe « Tany Masina ao Bretagne », lalan'ny hazofijaliana hafa kely manomboka teo amin'ny tribonalin'i Pilaty (Scala Sancta) ary miafara teny amin'ny Kalivery. Nanamboatra toerana masina hafa koa ry zareo toy ny lagrotin'ny fahaterahana, lagrotin'ny fialana aina, ny trano tao Nazareta izay niainga tamin'ny modely hita ao Lorette (Italie), Famangian'ny anjely, Efitrano avo nanorenana ny Eokaristia Masina, ny Fidinanan'ny Fanahy Masina tamin'i Masina Maria sy Apostoly ny andron'ny Pantekoty. Hita eo an-toerana koa ireo sary Masina maneho ny niakaran'i Jesoa tany an-danitra sy ny fampakarana an'i Masina Maria any an-danitra. Manodidina iray hetsy iasan-taona ny mpivahiny tonga mivavaka amin'ireo toerana samihafa ireo izay hita ao anaty valan-javaboahary 14 ha feno hazo maniry mijoalajoala. Anisan'ny Kalivery, be mpitsidika indrindra ao Frantsa.

### 3) Inona ny iraka ataonareo ao Pont-Château ?

Tonga izahay mba ho eo an-toerana avokoa ny fianakaviany montfortanina : pretra sy frera montfortanina, Zanakavavin'ny Fahendrena, Frera Saint Gabriel sy lahika izay mahantra.

Araka ny taratasy fanirahana noraisiny tamin'ny frera lehiben'nt Fikambanana, miresaka iraka roa :

- a. Iraka izay tsy maintsy anananay n'aiza n'aiza misy anay, misoratra ao amin'ny « le décret d'approbation de notre Règle » : « mandray anjara amin'ny asa fitoriana ny Evanjely maneran-tany amin'ny alalan'ny fanokanan-tena reljiozy sy fiainana anaty firahalahiana »
- b. Miara miasa miaraka amin'ireo misionera montfortanina sy Zanakavavin'ny Fahendrena ary ireo lahika izay mpikambana ao amin'ny Hospitalité Monfortaine Pont-Château, amin'ny fandraisana sy fanomezan'aina ny toerana Kalivery, sy hamerenana aina indray ity toerana avo montfortanina ity.



## Izany hoe ?

Miara misalahy amin'ny fanentanana ity toerana ity izahay, indrindra amin'ny fandraisana ireo mpivahiny izay manana faniriana te hanfantatra, hitsidika sy hivavaka amin'ity toerana montfortanina ity.

Frera Michel Le Gall, efa manana fifandraisana betsaka tamin'ireo misionera montfortanina. Arak'izany, efa tamin'ny taona 1991, izy no niandraikitra ny fivahinianana montfortanina any Lourdes. Tamin'ny taona 2003 voatendry hiasa tao amin'ny paroasy Montfort Saint Laurent sur Sèvre : nisahana ny kaonty sy ny fandraisana ireo andiany tonga hivavaka eo amin'ny fasan'i Md Louis Marie de Montfort sy ny Olontsambatra Marie Louise Trichet. Izany no nahatonga azy, rehefa tonga teto Kalivery miaraka amin'ny asa vitany 30 taona tamin'ny asa montfortanina, nanana fifandraisana betsaka tamin'ireo misionera montfortanina. Efa niaina tao anaty fikambanana niaraka tamin'izy ireo tao Saint -Esprit « Maison –Mère » koa izy. Voatendry arak'izay izy amin'ity tetikasa vaovao ny frera Saint Gabriel ity. Manohy ireo tetikasa efa natomboka hatramin'izay : manangana tahiry ahitana ireo lahatsoratra, sary amin'ireo toerana samihafa montfortanina eto Frantsa. Efa niara niasa akaiky tamin'i Mopera Efreim Assolari izy fony Mopera Efreim Assolari Rektera ny basilique Saint Laurent. Nameno ireo laha-tahiry tao Pont-Château sy ireo toerana izay nandalovan'i Mopera Montfort.

“” Frera Michel:  
Voatendry arak'izay izy  
amin'ity tetikasa vaovao  
ny frera Saint Gabriel  
ity. Manohy ireo  
tetikasa efa natomboka  
hatramin'izay ...





Izaho manokana, manohy ny asa fanentanana, amin'ny faritany Frantsa ny Frera Saint Gabriel, mpanolotsaina ny lehiben'ny Fikambanana izay misahana akohonan-piainana 6 ahitana frera any amin'ny 30 isa any ho any izay misy frera Italiana 7.

Talohan'ny nahatongavanay teto, efa lasa tany Italia Mopera Efrem. Nanolotra hevitra izy tamin'ireo Kristianina taty amin'ny faritra ny fahafahana mandalina ny aim-panahy montfortanina. Izay no nahaterahan'ny Fraternité Mariale Montfortaine (FMM) ao Kalivery Pont-Château.

Rehefa tafaverina avy any Italie i Mopera Efrem, betsaka ny mpikambana tao amin'ny Fraternité no naniry hanohy ny fiofanana narahin'izy ireo. Tao aonatin'ny hafaliana tanteraka no nandraisako azy ireo tamin'ny andiany 2019- 2020.

**“” Izaho manokana, manohy ny asa fanentanana, amin'ny faritany Frantsa ny Frera Saint Gabriel, mpanolotsaina ny lehiben'ny Fikambanana ... Tao aonatin'ny hafaliana tanteraka no nandraisako azy ireo tamin'ny andiany 2019-2020.**

#### Le Bon Pasteur

Le dernier tableau biblique des 25 tableaux ornant la salle du Temple.

Le circuit biblique culmine en la personne de Jésus le Bon Pasteur qui accueille toute personne à bras ouverts.

(Œuvre de l'artiste italien Riccardo Scotti)

Olona 25 izahay no mihaona matetika, ny sabotsy voalohan'ny volana miaraka mivavaka sy mandray fampianarana.

Noho ny fihibohana, niato nandritra 15 herinandro io fihaonana io. Nitohy tamin'ny alalan'ny Antereto kosa ny fampianarana sy ny fitazomana ny fifandraisana.

Tena hafaliana ny fihaonana mivantana ny Sabotsy 20 jiona lasa teo izay nankalazana ny fanoloran-tena amin'ny alalan'i Masina Maria (fanavaozana ho an'ny sasany) izay efa niomana nandritra ny 33 andro mialoha araka ny fomba nampianarin'i Mopera Montfort.



**“” Miara misalahy amin'ny fanentanana ity toerana ity izahay, indrindra amin'ny fandraisana ireo mpivahiny izay manana faniriana te hanfantatra, hitsidika sy hivavaka amin'ity toerana montfortanina ity.**

#### 4) Manao ahoana ny ho avy ?

Tombony lehibe ho anay ny maha ao anatin'ny fianakaviana am-panahy manaradia Olomasina lehibe iray. Ny haren-panahy navelany ho lova zarain'ireo lahika maro maneran-tany.

Izahay, mpikambana ao anatin'ity fianakaviambe montfortanina ity, dia miezaka mampafantatra amin'ireo fikambanana samihafa izay mitsangana ho haren'ny aim-panahy sy ny halaliny.

Hanao ahoana ny ho avy ho an'ny frera montfortanina ao Kalivery ? Mety hisy frera, avy eto Frantsa na toeran-kafa, mety hanantevi-daharana anay, azo eritreretina ny hananganay ankohonan-piainana mahaleo tena na dia tianay aza ny fiainana miaraka amin'ireo misionera montfortanina.

Ny azo antoka dia ity toerana ity no manohy ny asa fitoriana ny vaovao Mahafaly. Ny fanirian'ny tompon'andraikitra dioseziana sy ny pretra dia nahatonga ny toerana ho ivon-toerana ara-panahy dioseziana izay tsy ampy amin'izao fotoana izao.

Ho voninahitra Andriamanitra irery ihany. ■



“” Rehefa tafaverina avy any Italie i Mopera Efrem, betsaka ny mpikambana tao amin'ny Fraternité no naniry hanohy ny fiofanana narahin'izy ireo.

**Covid-19: « Tsy misy afa-tsy ny ho an'ny anio »**

Miaraka amin'I François-Marie L  thel ocd

*Ity fijoroana ho vavolombelona manaraka ity dia nataon'i P. Fran  ois-Marie L  thel ocd, Pretra izay nararin'ny covid-19 ary sitrana*



Ity fijoroana vavolombelona ity dia nosoratako teto Roma, ny Alahady 28 Jona, andron'ny Tompo, sady ahatsiarovana ny fetin'i Md Iren  e avy any Lyon mialoha ny fotoam-pankalazana ny fetin'ireo Olomasina Malazan'ny Roma, dia Md Piera sy Paoly.

Na dia teo aza ny fanajana ireo fepetra ara-pahasalamana dia tratran'ny tsimok'aretina coronavirus ihany ny tenako sy ireo rahalahiko vitsivitsy tato amin'ny Fikambanana. Nahatsiaro tena narary aho ny harivan'ny 08 Jona, ka ny fiara mpitondra marary no nitondra ahy namonjy ny toeram-pitsaboana tao amin'ny H  pitaly Gemelli, toerana nitsaboana an'i Masindahy Joany Paoly faharoa taorian'ilay tifitra mampihorohoro nihatra taminy. Ny marainan'ny Talata 09 Jona, nampidirina hopitaly tao «Columbus » aho, ity toerana ity, dia fandraisana sy fitsaboana ireo rehetra tratry ny valan'aretina covid-19 ao Gemelli. Nijanona nahiboka tanteraka tao nandritran'ny 17 andro aho, tsy nivoaka ny efitranom-pitsaboana mihitsy ambara-pivoakako tanteraka ny hopitaly ny 25 Jona, rehefa sitrana soa aman-tsara, tsy mila fitsaboana sy fanaraha-maso intsony. Misaotra an'i Jesoa sy Maria aho tamin'ny « Fananganany ahy ho velona indray », izay tena fahagagana kely mihitsy manoloana ny fahanterako izay efa 72 taona!

Volana maromaro tany aloha, nanomboka teo amin'ny Volana Marsa, nanoratra lahatsoratra mikasika ny fivelomana ny Eokaristia aho, manoloana izao fitsapana lehibe amin'izao valan'aretina izao, mifantoka indrindra amin'ny fijalian'ny lahika izay maratra nohon'ny tsy fahafahana mandray ny Komonio Masina, indrindra ny any Italia sy Frantsa.


Ankehitriny, tamin'ity volana Jona ity, nomen'i Jesoa Tompo fahasoavana aho mba nahafahako nandray anjara lalindalina kokoa amin'ny maha-Pretra ahy, manoloana ity fitsapana lehibe izay misy fiantraikany mivantana amin'ny fiainana mahaolona manontolo ity, ary izany dia ato anatin'ny fotoam-pankalazako ny faha-45 taona ny nanamasinana ahy ho Pretra dia ny 21 Jona, andro Alahady tamin'ity taona ity. Mahatsiaro tena ho tena akaikin'ireo marary rehetra aho, indrindra fa ireo Pretra maro izay tratran'ity valan'aretina ity (maro tamin'izy ireo no maty tao Italia). Nankalaza irery an'ity tsingerin-taom-pankalazana ity aho tamin'ny alalan'ny Lamesa tao amin'ny efitranoko. Ny Alahady mialohan'io fetin'ny Sakramenta Masina io, dia tao amin'ny hopitaly ihany koa aho no niaina izany. Nanolotra ny Sorona Masina isan'andro aho eny fa na dia tamin'ny fotoana tena namparary ahy aza, nanomboka izaho niditra hopitaly dia teo amorom-pandriana manolona ny latabatra kely, izay namboariko ho solona hotely aho, no nanao ny Lamesa.

Tena nanampy ahy ny ohatra nataon'i Manankaja ny Kardinaly Van Thuan. Raha tany am-pigadrana izy dia nankalaza samirery isan'andro ny Lamesa, ary tena tanaty fahantrana, amin'ny fitondrana isan'andro ny Hostia Masina ao anatin'ny paosin'ny lobaka nanaovany mba ho fanohizany ny fankalazana amin'ny alalan'ny fitsaohana ny Sakramenta Masina, nohamafisiny fa tanatin'ny fijaliany “ny hany heriny tokana dia ny Eokaristia”. Nanaraka ny ohatra nataony aho, nankalaza ny Lamesa isan'andro tanaty fahatsorana tanteraka, ka ny andro voalohany dia nanokana Hostia kely koa aho hiaraka amiko mandrakariva, izay nataoko tanaty vata kely, sady milaza amin'i Jesoa ihany koa aho hoe: “entiko miaraka amiko andro aman'alina Ianao”.

Taona vitsivitsy talohan'ny Van Thuan, nisy lahika mpanokan-tena anankiray dia ny Mpanompon'Andriamanitra Vera Grita, mpiaramiasa amin'ny Saleziana, izay niaina zava-miafina mahavariana, dia ny fanatrehan'i Jesoa tena Izy ao amin'ny Eokaristia, ka naniry ny hahatonga antsika ho “Tabernakla velona”. Nifandray akaiky tamin'i Papa Paoly VI izy tamin'ity taona nampietam-po ity (taonan'ny asa fanompoako amin'ny maha-Relijiozy tao amin'ny Karmely). Noho izany dia naniry ny hamerina ny Fiekem-pinoana lehibe nataon'ireo vahoakan'Andriamanitra izay nambaran'i Papa Paoly VI nandritra ny Lamesa ny 30 Jona 1968 aho.



Ho ahy, izy ity dia zava-baovao sy traikefa mafy orina maneho ny fahamarinan'ireo zava-miafina tsy takatry ny saina reketin'ny Eokaristia sy ny fahasoavana amin'ny maha Mpisorona ahy. Tsy tamin'ny fomba ara-piraisantsaina na fankalazana ara-panahy loatra fa ny firaisankina lalina niaraka amin'ireo rahalahiko rehetra izay marary eran'izao tontolo izao, anatin'ny fiombonana amin'ny sorom-panavotana nataon'i Jesoa ary amin'ny firaisana amin'ny "tena Vatany naterak'i Maria Virjiny, nijaly sy nanaiky ho sorona teo amin'ny Hazofijaliana ho an'ny olona rehetra" (Ave Verum). Amin'ny maha-Pretra ahy, ity toerana ity dia nahafahako nanatrika an'i Jesoa maty teo amin'ny Hazofijaliana sy nitsangan-ko velona, amin'ny fanaintainan'ny vatana sy ny fanahy amin'ny aretina, ny tena izay manirery tanteraka ary ny tsy fahafahan'ireo marary mandray ny Komonio. Isan'ny asa soa lehibe indrindra amin'ny asa soa ara-pisoronana nataoko amin'ireo marary izany, ary ihany koa amin'ireo mpitsabo, ireo mpitsabo mpanampy ary ireo olona rehetra izay nikarakara anay tamim-pitiavana lehibe tokoa.



Tena niainako tokoa sady tsapako fa tsy azo sarahina ny tena Vatan'i Jesoa sy ny Teniny ao amin'ny Soratra Masina izay novakiako tsy tapaka nandritra ny fotoana nijanonako tany, indrindra ny Evanjely sy ny Taratazin'i Md Paoly, Izaia sy ny Tononkira dia Tononkira, ary rehefa manao ny Vavaka Isan'Andro.

**Ankoatra ny Baiboliko, manana boky anankiroa manandaja amiko sy tsy afa-misaraka amiko koa aho, izay toy ny "jiron'ny fiara" roa manazava ahy, hatramin'ny nanombohako niaina ny maha-relijiozy ahy, 52 taona lasa izay: ny Tantaran'ny Olomasina Masimbavy Terezy avy any Lisieux sy ny Tena fitiavana amam-panajana ny Virjiny Masina izay nosoratan'i Masindahy Louis Marie Grignon de Montfort.**

Nanoratra lahatsoratra fohy mitondra ny lohateny hoe "Ny fiainana miaraka amin'i Jesoa eto antany toy ny any an-danitra" aho, araka an'i Terezy avy any Lisieux (navoaka tao amin'ny Zénit). Nanampy lahatsoratra anankiray koa aho mitondra ny lohateny hoe "Anao manontolo ry Maria" (Totus Tuus) izay nosoratan'ny Ray Masina Joany Paoly faharoa sy Masindahy Louis Marie Grignon de Montfort.

Mbola nanana ihany koa aho andian-dahatsoratra izay nosoratan'i Masindahy Jean Eudes, izy izay nambaran'ny Fiangonana ho Mpampianatry ny Eglizy niaraka tamin'i Masindahy Louis Marie Grignon de Montfort. Teôlôjiana lehibe mahakasika ny Fon'i Jesoa sy Maria izy ary mampiray azy ireo ho Fo iray ihany. Ny roa andro mialohan'ny tsingerin-taom-pankalazana ny nanamasinana ahy ho Pretra dia fetin'ny Fo Masin'i Jesoa sy Fo Madion'i Maria. Nentiko tamin'ny vavaka nataoko miaraka amin'ireo andian-teny anankiroa tena manandanja indrindra, izay nosoniaviny tamin'ny Rany: dia ny voadin'ny ho martiry sy ny fifanekena tamin'i Maria Virjiny. Ny aretina sedraina miaraka amin'ny Fitiavan'i Jesoa dia maka endrika martiry, ary ity volana jona ity dia faratampony amin'ny volana ahatsiarovana ireo martiry: Justin, Filôzôfy sady martiry (1), Blandine sy ireo martiry maro tao Lyon (2), ireo martiry tao Ouganda (3), Thomas More (22), Joany Batista (24), Irénée avy any Lyon (28), Piera sy Paoly (29) sy ireo martiry voalohany tao amin'ny Eglizy tao Roma (30). Ny fifanekena miaraka amin'i Maria Virjiny dia isan'ny vavaka iray tena tsara amin'ny fanokanan-tena, ka ny Pretra tsirairay dia tokony manokana ny fony manontolo, toy ny fon'ny mpivady, amin'ny fitiavana tokana ny Fon'i Jesoa sy Maria.

Ny boky farany niaraka tamiko dia ireo angon-dahatsoratra ara-panahy izay nosoratan'i Vera Grita, navoakan'ireo Saleziana, mitondra ny lohateny hoe: "Portami con te" (Turin, 2017, ed Elledici). Nosokafako isan'andro io boky io, niainako tamin'ny fomba vaovao ny halaliny sy ny maha-zava-dehibe ity aim-panahy mifototra amin'ny Eokaristia sy Masina Maria ity, ny misionera sy ny mpisorona. Amin'ny firaisana amin'i Masina Maria, mizara ny finoany, ny fanantenany ary ny fitiavany, azontsika atao ny miaina toe-tsaina mifanakaiky toy izany sy mifandray maharitra amin'ny tena Vatan'i Jesoa Velona ao amin'ny Eokaristia. Tazomiko eny an-tanako mandrakariva ny sapile.

Tsy namelona fahitalavitra mihitsy aho, ny finday no nampiasaiko ho fitaovan-tserasera (antso, whatsapp, ary lahatsoram-pifandraisana elektronika) mba ahafahako nifandray tamin'ireo rahalahiko Karma, ny fianakaviana sy ny namana.

Ho ahy, io 17 andro nahatany amin'ny toeram-pitsaboana ahy io dia laretirety tena nahafinaritra ahy indrindra teo amin'ny fiainako amin'ny maha-Pretra Karma ahy. Tsy nisy nataoko afa-tsy ny nivavaka, na maraina na hariva, amin'ny endrika vavaka samirery izay antsoin'i Mb Terezy avy any Avila hoe "Vavaka mangina" ary tsy azo sarahina amin'ny firaisam-pitiavana ao amin'i Jesoa sy ny Trinite Masina manontolo izay mpanelanelana antsika lalandava ao amin'ny Eglizy sy izao tontolo izao. Tazako eo am-baravarankeliko ny trano boriborin'i Masindahy Piera, dia nivavaka ho an'ny Ray Masina ny Papa François aho. Miaraka amin'i Mb Terezy avy any Avila izay tena malalany, dia tsy maintsy nivavaka tsy tapaka aho ary nanadra-tanana toa an'i Moizy nivavaka tany antendrombohitra rehefa niady teo amin'ny lemaka ireo vahoakan'Andriamanitra (jereo Eks 17,8-12), amin'ny alalan'ny fizaràna fanantenana tsy manam-petran'i Terezy mba ho famonjena mandrakizay ny fanahy rehetra. Fa tsy maintsy ampiako ihany koa hoe fihibohana toa an'ireo "Cartusienne" ity laretirety ity. Nanana fahasoavana manokana afaka nampianatra ny Teôlôjia tao amin'ny Fikambanan-dRelijiozy mihiboka "Grande Chartreuse" izay naorin'i Md Bruno aho ary nampanao laretirety manokana ho an'ireo Relijiozy "Chartreuse de serra san Bruno" tao Calabre, toerana nahafatesan'ity Olomasina ity. Eny tokoa "nanaiky" tao an'efitranoko aho ho toy ireo "chartreux", izay mihiboka tao amin'ny efitranon'izy ireo toy ny fonja.



**“ MIARAKA AMIN'I MB TEREZY AVY ANY AVILA IZAY TENA MALALANY, DIA TSY MAINTSY NIVAVAKA TSY TAPAKA AHO ARY NANADRA-TANANA TOA AN'I MOIZY NIVAVAKA TANY AN-TENDROMBOHITRA REHEFA NIADY TEO AMIN'NY LEMAKA IREO VAHOAKAN'ANDRIAM ANITRA ...**

Farany, tsapako ny fitiavan'ireo mpitsabo rehetra, ireo mpitsabo mpanampy na lehilahy na vehivavy, ary ny olona rehetra izay niditra tao amin'ny efitranoko nitsaboana ahy, misalotra ny akanjo fiarovana faran'izay henjana, omban'ny fanompoana feno herim-po, manoloana ny loza mitatao amin'ny mety ho fifindran'ny aretina. Tanatin'ireny fihaonana andavanandro ireny, nisy tanjaka mahery vaika hatrany izay azoko antoka fa nohon'ny maha-eo an'i Jesoa mandrakariva sy ny fahasoavana amin'ny maha-mpisorona ahy. Izy rehetra ireo dia tanora avokoa, lehilahy sy vehivavy ary miaraka amin'izy ireo dia ambarako fa mivavaka ho azy ireo sy ny fianakaviany aho, amin'ny fangatahana ny fiarovan'i Jesoa sy Maria azy ireo. Misaotra azy ireo foana aho tamin'ny zava-drehetra, eny fa na dia tamin'ny sakafy aza satria tena tsara kalitao! Isaorako ihany koa ny Pretra misahana andraikitra ara-pahasalamana eo anivon'ny hopitaly satria taminy aho no nangataka ny Divain-damesa ary indrindra ny Sakramentan'ny Fibebahana. Na dia tsy afaka miditra amin'ny toerana misy ny valan'aretina covid-19 aza izy, tsy nialasala izy niditra sy nanome ahy ny famotsorana, araka izay efa nokendren'ny Eveka.

Niaina andram-piainana feno fitiavan-Janaka tamin'ny alalan'ny "Tànana roan'Andriamanitra" aho dia i Jesoa sy ny Fanahy Masina (Masindahy Irenée), amin'ny fivelomana lalim-paka ny maha-zanaka am-panahin'i Masimbavy Terezy avy any Avilà, marefo sy miankin-doha toy ny zaza. Amin'ny tsy fahazoana antoka ny ho avy, matetika ampiasaiko ny tononkalony "tsy misy afa-tsy ny ho an'ny anio".

Anatin'izany rehetra izany, tsy mendrika aho. Nomena ahy ny zava-drehetra amin'ny alalan'i Jesoa sy Maria ho an'ireo rahalahiko, mba hiara-mizotra tsara mankamin'ny fahamasinana. Dia isaorana avokoa ny rehetra! ■



*"" Amin'ny firaisana amin'i Masina Maria, mizara ny finoany, ny fanantenany ary ny fitiavany, azontsika atao ny miaina toe-tsaina mifanakaiky toy izany sy mifandray maharitra amin'ny tena Vatan'i Jesoa Velona ao amin'ny Eokaristia..*



Tononkira 24

*Ny fanazarana masina amin'ny fisian' Andriamanitra*

Tononkira faha-19, andininy miisa 39

1.  
Iriantsika ve ny ho sambatra, hitahiry ny fahadiovam-po

Ary hiroso tsy ho levona, na anatin'ny afo aza ?  
Amin'ny fombany sy ny fahefany  
Misy amin'ny toerana rehetra Andriamanitra !  
Aoka isika hitahiry ny fisian' Andriamanitra.

2.  
Avy amin'izany tsiambaratelo lehibe izany no anirian' Andriamanitra antsika

Ho masina sy hahita Azy n'aiza n'aiza,  
Amim-pahamendrehana bebe kokoa  
Izay tsy atao raha tsy any an-danitra.

Aoka ary isika hitahiry ny fisian' Andriamanitra.

3.  
Mijery ahy eto Andriamanitra ; ny fiheverana izany ihany

Dia misakana ahy hanota, mihazona ahy amin'ny adidiko.

Tafarina ny fanahiko,

O ! izany fahefana ananany !

Aoka ary isika hitahiry ny fisian' Andriamanitra.

4.  
Ny miaramila izay miady manoloana ny kapiteniny  
Miady amin-kerim-po, mampitombo ny fahasovany.  
Atokisana ny fandreseny,

Tsy ho resy na oviana na oviana izy.

Aoka ary isika hitahiry ny fisian' Andriamanitra.



5.  
Ny zaza izay napetrakan'ny fitiavana manoloana ny rainy

Mahafa-po Azy amin'ny zava-drehetra amin'ny fo faly,  
Tsy afaka ny handiso fanantenana Azy izy,  
Mifantoka aminy ireo masony.

Aoka ary isika...

6.  
Mahatsapa fa malahelo sy feno fahalemena ve ianao ?  
Mihevera ny fisian' Andriamanitra, ho hitanao ao Aminy  
Ny hafaliana sy ny firavoravoana  
Ny fankaherezany sy ny fiahiany.

7.  
Masoandron'ny fanahy izany fisiana masina  
Izay mamotika ny fahotany, mampandositra ny mpangalatrany,  
Izay manazava sy mandrehitra Azy  
Amin-kafanampo malefaka indrindra.



**“” Misy amin'ny toerana  
rehetra Andriamanitra !  
Aoka isika hitahiry ny  
fisian'Andriamanitra.**

8.  
Ny fanadinoina ny Tompony, mahalatsaka anaty heloka,  
Fahotana tsy misy farany hatrany amin'ny fankahalàna  
ny fivavahana,

Hatrany any amin'ny faran'ny antsana  
Amin'ny taona rehetra mandrakizay.

9.  
Nahavery ny tany izany fanadinoina an'Andriamanitra,  
Rakotra adala izy. Toa manery ery ny ratsy !

Miady avokoa ny rehetra  
Amin'ny mpitsara miatrika azy.

10.  
Abrahama aza, indray andro, nandre an'Andriamanitra  
nibitsika taminy :

Mankanesa ao amin'ny fisiako mba ho lavorary.

Ny mba hampianarana antsika

No namborahany ny tsiambaratelo taminy.

11.

Ny fisian'Andriamanitra dia ny fiainana  
mandrakizay,

Ny voninahitra sy ny fanolokoloana ireo fanahy  
sambatra ;

Mahita ny zava-drehetra ao aminy izy ireo fahizay,  
Ka ho azy, izany no mahasambatra.

12.

Ireo olomasina rehetra dia nandinika izany am-  
pahatsorana,

Mibanjina an'Andriamanitra irery amin'ny toerana  
rehetra sy amin'ny fotoana rehetra izy,

Ataon'izy ireo avokoa izay hitiavany Azy  
Ireo fifaliany rehetra.

13.

Nikiaka tamin'ny fotoana rehetra ny mpaminany sy  
ny olomasina :

Ankalazaina anie Andriamanitra izay mitsinjo ahy  
sy fiantetherako !

Na velona aho na maty,

Raha ao Aminy dia tsy misy izay hatahorako.

14.

Nankahery ny fanahiny ny fisian'Andriamanitra,  
Ary nameno hafaliana azy ireo, eo anivon'ny asany,  
Na dia anatin'ny lelan'afo aza,  
Ao amin'ireo haratsiana lehibe.

15.

Azo tehirizina amin'ny fomba maro ny  
fisian'Andriamanitra.  
Eo anilantsika, any an-danitra, ety ivelany, ao am-po,  
Ary arakaraka ireo hazavana mampiratra  
Izay omen'ny Tompo.

16.

Azontsika banjinina mivantana i Jesoa Kristy  
Ary mihevitra Azy eo amintsika am-pitiavana.  
Tsara izany fisiana izany  
Raha toa ka am-pahatsorana no andehanana.

17.

Azontsika banjinina eny an-danitra eo amin'ny seza  
fiandrianan'ny voninahitra Izy,  
Ary ny masonry mandrakizay dia mifantoka amintsika  
Mba hahitany ny fandresentsika,  
Mba hanisàny ireo fahotantsika.

18.

Azontsika banjinina toy ny fialofana mahery Izy  
Ary tsy ho tandindonin-doza ao anatin'izany ny  
mpanota,  
Na toy ny mpitsara marina,  
Vonona tanteraka ny hitsara antsika.

19.

Raha ivelan'izany fisiana izany isika dia ivelan'ny ivony  
;  
Toy ny hazandrano ivelan'ny rano, izay singa tokany,  
Koa raha tsy miditra ao amin'izany izy,  
Dia maty mangina ihany.

20.

Afaka mijery antsika ao amin'Andriamanitra isika,  
Fomba mahatalanjona izany,  
Mirotsaka ao amin'ny ranomasimben'ny fahamasinana  
rehetra,  
Any anatin'ny antsana lalin'ny fahalebeazany.

21.

Azonareo banjinina eny rehetra eny ity Mpanjaka  
faratampony,  
Avo noho ny lanitra, lalina noho ny afove,  
Satria ihoarany avokoa  
Ity tontolo midadasika be.

22.

Azontsika banjinina ao amin'ny voaary rehetra  
Andriamanitra :  
Ao amin'ny iray dia mamelona antiska Izy, ao  
amin'ny hafa kosa mampianatra.

Ao amin'ny iray Izy miandraikitra antsika,  
Ao amin'ny hafa kosa mitantana antsika.

23.

Mitoetra ao amintsika mihoatra noho ny ao amin'ny  
zava-drehetra Andriamanitra,  
Ao am-pontsika no tokony hitadiavana ny  
voninahiny,  
Ao isika no hamelatra ny fiainantsika  
Amin'ny fahazavany mampiratra.

24.

Nofidin'Andriamanitra ny fontsika ho fiandrianany  
sy fitoerany,  
Misarika antsika ao Izy mba hanandramantsika andro  
aman'alina  
Ny hatsarany noho ny fiamboniany  
Sy ny fitiavany masina.

25.

Ho an'ireo mpanota  
O ry mpanota, maheno anao Andriamanitra ; ry  
mpanota, mijery anao Andriamanitra ;  
Mahita ireo asanao Izy, manisa ireo dian-tongotrao  
Ary tsy mitandrina amin'izany ianao,  
Ary tsy mieritreritra izany.





26.

Tsy azonao ihodivirana ny masonry na ny hatezerany,

Mpitsara sy vavolombelon'ny fahotanao Izy,  
Ireo teny ratsy aloakan'ny vavanao,  
Ary mipetraka am-pilaminana ianao.

27.

Raha maheno anao miteny aho, tsy am-piheverana,  
dia mahavariana ahy ianao :

Tsy nisy nahita aho, mangina ety, hoy ianao.  
Manao an'Andriamanitra tsy misy ianao,  
Mahita anao Izy, hitany ianao.

28.

Ao amin'ity toerana kely tsy misy mpahalala,  
amin'ity efitrano mainty ity,  
Ao amin'ity tany efitra maizina izay nisitrihanao,  
Ity Mpitsara sy Mpanjakan'ny voninahitra  
Dia nahita manontolo ireo fahotanao.

29.

Ry mpanota, efa eo am-pahalavoana,  
ampahatsiahivo ny fitadidianao  
Ny fisian'Andriamanitra : amin'izay hahery tokoa  
ianao,  
Ka hihira fandresena  
Manoloana ny afobe sy ny fahafatesana.

30.

Ry kristianina, raha te ho Olomasina marina ianareo,  
Dia manàna mandrakariva an'Andriamanitra ao amin'ny fanahinareo.

O tsiambaratelo tsy hay lazaina  
Izay nomen'ny Fanahy Masina !

31.

Tompo o, mitady olona iray eo amin'ny olombelona  
rehetra ianao  
Izay hendry eo imasonao, izay mandeha anoloanao ?  
Tsy misaina raha ny toa anay,  
Fa manadino anao avokoa izahay.

32.

Andriamanitra lehibe ô, hitako fa tsy misy miafina eo  
anatrehanao,  
Satria mameno ny tany sy ny lanitra avokoa Ianao,  
Satria tsy azo heverina  
Ny hiafenanay eo imasonao.

33.

Eto dia mitsaoka anao aho, ô ry Rain'ny ray rehetra !  
Ry Tompo be fahefana, izay zava-poana ny zava-drehetra  
manoloana Azy,  
O ry Rain'ireo fahazavana  
Izay firotsahan'ny soa rehetra.

34.

Manome ahy mofo avy amin'ny fitantananao Ianao,  
Lanjalanjainao ny fanahiko ary tsapainao ny foko.

Amin'ny fahalalànao

Tsy misy ny miafina, ry Tompo.

35.

Omenao ny rehetra ny olona, ny fihetsika, ny aina  
Izay rehetra misy dia ao anatin'ny fahalebeazanao,

Ary mameno ny tany

Ny fahambonianao.

36.

Azonay heverina ve ny hahatezitra Anao na dia eo  
anatrehanao,

Manota manoloana ny masonao sy mandika ny didinao ?

O ! izany tsy fitandremana mampahory !

Aleoko kokoa aza maty.

37.

Tompo, raiketo ato amiko ny endrikao masina

Mba hananako anao n'aiza n'aiza sy tsy am-piezahana,

Mba tsy hisy hahakosoka Anao,

Tsia, na dia ny fahafatesana aza.

38.

Ny fanahiko, miditra ao amin'ny fonao, mamela ny  
zavatra tsy ilaina ;

Ireo fananan'ny ivelany ho anao dia ireo fananan'ny  
hafa.

Amin'ny fonao no iantsoan'Andriamanitra anao,

Ny fananany rehetra dia ao Aminy.

39.

Aoka isika rehetra hiditra ao anatintsika amin'ny  
miafina, am-pahanginana,

Mba hahita an'Andriamanitra ao mihoatra noho ny  
amin'ny toeran-kafa,

Mba hitahiry ny fahadiovana

Na hahazo izany haingana.

Aoka isika rehetra hitahiry ny fisian'Andriamanitra.

ANDRIAMANITRA IRERY. ■

*Bulletin Mensuel de Formation et d'Information*

### MISSIONNAIRESMONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ;

Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135,

Rome – ITALIE

E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com);

<http://www.montfortian.info/amqah/>

